


Tompokolahy sy Tompokovavy,

Manoloana ny faharatsian'ireo foto-drafitr'asa izay efa marefo nohon'ny takaitra izay navelan'ny rivo-doza Batsiraï sy ny andro ratsy efa manambana amin'iny Faritra Atsimo Atsinanana iny, sy mba ho fisorohana ny voka-dratsy izay mety aterak'izany amin'ireo mpandray anjara amin'ny Fankalazana Nasionaly ny Andro iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy izay saika hankalazaina tao amin'ny Distrikan'i Manakara, Faritra Vatovavy,

**Izahay Ministeran'ny Mponina sy ireo Komity Mpanomana ny 08 Marsa 2022 dia maneho ny fialan-tsiny lehibe amintsika Vehivavy Malagasy tsy vaky volo rehetra, indrindra fa isika aoamin'ny Distrikan'i Manakara, satria voatery novana ao amin'ny Distrikan'Antsirabe, Faritra Vakinankaratra, ny toerana hankalazana izany amin'ity taona ity**.

Tiana anefa ny manamarina fa tsy misy miova ny fandaharam-potoana rehetra izay voafaritra tao anatin'ny tondro zotra izay efa nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra.

Eo ampamanarana dia manantena ny fahatsapana avy amintsika rehetra ny mpanomana ny lanonana satria ny Fotoam-bita, hono, tsy mahaleo ny sampona, kanefa aleho misoroka toy izay mitsabo.

Misaotra, Tompokolahy, mankasitraka, Tompovavy./.